*Thème : Gestion contractualisée des forêts*

*N° 6* *Faha : 6*

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**

Tanindrazana – Fahafahana – Fandrosoana

**MINISTERE DES EAUX ET FORETS**

**MINISITERAN'NY RANO SY ALA**

**DECRET *N° 2001-122***

Fixant les conditions de mise en œuvre de la gestion contractualisée des forêts de l'Etat.

**DIDIM-PANJAKANA LAHARANA *FAHA- 2001-122***

amaritana ny fepetra fampandehanana ny fitantanana nanaovana fifanekena momba ny alam-panjakana

*Promulgué le 14 fevrier 2001 / Avoaka hanankery ny 14 febroary 2001*

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
Tanindrazana – Fahafahana – Fandrosoana

**MINISTERE DES EAUX_ET FORETS**

**Décret N°** *2001-122*
**Fixant les conditions de mise en œuvre de la gestion contractualisée des forêts de l'Etat.**

**LE PREMIER MINISTRE, CHEF DU GOUVERNEMENT,**

- Vu la Constitution,
- Vu la Loi modifiée n° 60-004 du 15 Février 1960 relative au domaine privé national ;
- Vu la Loi n° 96-025 du 30 Septembre 1996 relative à la gestion locale des ressources naturelles renouvelables ;
- Vu la Loi n° 97-017 du 8 Août 1997 portant révision de la législation forestière ;
- Vu l'Ordonnance n° 60-128 du 3 Octobre 1960 fixant la procédure applicable à la répression des infractions à la législation forestière, de la chasse, de la pêche et de la protection de la nature ;
- Vu le Décret n° 97-281 du 7 Avril 1997 fixant les attributions du Ministre des Eaux et Forêts ainsi que l'organisation générale de son Ministère,
- Vu le Décret n° 97-1200 du 2 Octobre 1997 portant adoption de la politique forestière ;
- Vu le Décret n° 98-522 du 23 Juillet 1998 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,
- Vu le Décret n° 98-530 du 31 Juillet 1998 portant nomination des membres du Gouvernement ;
- Vu le Décret n° 98-781 du 16 Septembre 1998 fixant les conditions générales d'application de la Loi 97-017 sus- visée ;
- Vu le Décret 98-782 du 16 Septembre 1998 relatif à l'exploitation forestière ;
- Vu le décret n° 2000-27 du 13 Janvier 2000 relatif aux communautés de base chargées de la gestion locale des ressources naturelles renouvelables ;

Sur proposition du Ministre des Eaux et Forêts,

En conseil de Gouvernement,

**DECRETE :**

## TITRE I – DISPOSITIONS GENERALES

**Article premier** : En application des dispositions de l'article 24 de la loi n° 97-017 du 8 Août 1997 portant révision de la législation forestière, le présent décret a pour objet de fixer les conditions de mise en œuvre de la gestion contractualisée des forêts de l'Etat en vue de la délégation de leur gestion aux communautés de base constituées par les riverains.

**Article 2** : La gestion contractualisée des forêts (GCF) s'inscrit dans le cadre des objectifs et prescriptions :

- De la gestion locale sécurisée des ressources naturelles renouvelables (GELOSE) ;
- De la politique forestière ;
- Du Plan Directeur Forestier National (PDFN) et de ses composantes régionales, en l'occurrence les plans Directeurs Forestiers Régionaux (PDFR) ;
- De la mise en compatibilité des investissements avec l'environnement (MECIE) ;
- Des plans d'aménagement.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

**MINISITERAN'NY RANO SY ALA**

**Didim-panjakana laharana** <u>*faha- 2001-122*</u>
**amaritana ny fepetra fampandehanana ny fitantanana nanaovana fifanekena momba ny alam-panjakana**

NY PRAIMINSITRA SADY LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA,

- Araka ny lalàmpanorenana
- Araka ny Lalàna nasiam-panovàna laharana faha-60-004 tamin'ny 15 febroary 1960 mikasika ny harem-panjakana tsy azo amidy ;
- Araka ny Lalàna laharana faha-96-025 tamin'ny 30 septambra 1996 mikasika ny fitantanana ny loharanon-karena azo havaozina eo an-toerana ;
- Araka ny Lalàna laharana faha-97-017 tamin'ny 8 aogositra 1997 anavaozana ny lalàna fitantanana ny ala ;
-Araka ny Hitsivolana laharana faha-60-128 tamin'ny 3 oktobra 1960 mametra ny paika arahina amin'ny famaizana ny fandikan-dalàna momba ny fitantanana ny ala, ny fihazana, ny fanjonoana ary ny fiarovana ny zavaboary ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana faha- 97-281 tamin'ny 7 aprily 1997 mamaritra ny anjara raharahan'ny Minisitry ny Rano sy Ala ary koa ny fandaminana ankapobe ny Minisiterany ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana faha-97-1200 tamin'ny 2 oktobra 1997 andaniana ny politika fitantanana ny ala ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana faha-98-522 tamin'ny 23 jolay 1998 manendry ny Praiminisitra, sady Lehiben'ny Governemanta ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana faha-98-530 tamin'ny 31 jolay 1998 manendry ny mambra ao amin'ny Governemanta ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana faha-98-781 tamin'ny 16 septambra 1998 amerana ny fepetra ankapobe ampiharina amin'ny Lalàna laharana faha-97-017 voalaza etsy ambony
Araka ny Didim-panjakana laharana faha-98-782 tamin'ny 16 septambra 1998 mikasika ny fitrandarahana ny ala.
-Araka ny Didim-panjakana laharana faha-2000-27 tamin'ny 13 janoary 2000 mikasika ny vondrom-bahoaka fototra mikasika ny fitantanana eo an-toerana ny loharanon-karena voajanahary azo havaozina ;
Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny ano sy Ala ;

Teo am-pivorian'ny Governemanta,
DIA MAMOAKA IZAO DIDY IZAO

## <u>LOHATENY I - FEPETRA ANKAPOBE</u>

**<u>Andininy voalohany</u>** : Ho fampiharana ny fepetra voalazan'ny andininy faha-24 amin'ny lalàna laharana faha-97-017 tamin'ny 8 aogositra 1997 anavaozana ny lalàna fitantanana ny ala, izao didim-panjakana izao dia mikendry ny hamaritra ny fepetra fampandehanana ny fitantanana nanaovana fifanekena momba ny alam-panjakana mba hanomezam-pahefana ny fitantanana izany amin'ny vondrom-bahoaka fototra ahitana ireo mponina manodidina.

**<u>And. 2</u>** : Ny fitantanana nanaovana fifanekena (GCF) dia tafiditra ao anatin'ny sehatry ny zava-kendrena sy fepetra momba :

- ny fitantanana eo an-toerana iarovana ny loharanon-karena voajanahary azo havaozina (GELOSE) ;
- ny politika itantanana ny ala ;
- ny Drafitra fototra itantanana ny ala eto amin'ny Firenena (PDFN) sy ireo izay anisany eo amin'ny faritra, amin'izany Drafitra fototra itantanana ny ala any amin'ny Faritra (PDFR)
- ny fampaneranana ny fampiasam-bola hamokarana sy ny tontolo iainana (MECIE);
- ny Drafi-panajariana.

**Article 3** : Pour l'application du présent décret, on entend par :

- Gestion contractualisée des forêts (GCF) : un mode de transfert de gestion des forêts aux communautés de base en vue d'une gestion locale durable et sécurisée des ressources forestières ;
- Communauté de base : un groupement constitué, organisé et fonctionnant conformément aux dispositions du Décret n° 2000-27 du 13 Janvier 2000 relatif aux communautés de base chargées de la gestion locale des ressources naturelles renouvelables ;
- Commune de rattachement : la collectivité dans le ressort de laquelle se trouvent les ressources forestières gérées.
- Valorisation économique: l'exploitation à but commercial des ressources forestières s'inscrivant dans le cadre d'une gestion durable des forêts.

**Article 4** : Le transfert de gestion d'une forêt au moyen d'un contrat de gestion comprend :

- La gestion des droits d'usage exercés individuellement ou collectivement par les membres de la communauté de base soit en vue d'assurer leurs activités traditionnelles par collecte de produits forestiers secondaires soit en vue de satisfaire leurs besoins domestiques tels que prévus par l'article 41 de la loi n° 97-017 dite loi forestière et les articles 34 et 35 du Décret n° 98-781 du 16 Septembre 1998 fixant les conditions générales d'application de la loi forestière ;
- La valorisation économique des ressources forestières conformément aux dispositions du titre III du présent décret. Les bois de première et de deuxième catégorie, prévus par le tableau annexé à l'arrêté du 17 Novembre 1930, font l'objet de clauses techniques particulières dans le cadre de leur valorisation (plan d'aménagement, convention d'exploitation, dina…).
- La protection de la forêt.

Toutefois, le transfert de gestion d'une forêt peut s'effectuer d'une manière progressive en fonction de la capacité de gestion de la communauté de base demanderesse suivant l'avis de la commune de rattachement et de l'Administration forestière compétente.

**Article 5** : La GCF peut s'appliquer :

- Aux forêts domaniales ;
- Aux forêts classées ;
- Aux stations forestières ;
- Aux peuplements artificiels ;
- Aux zones d'occupation contrôlée, aux zones d'utilisations contrôlées, aux zones périphériques des aires protégés ;

Pour des raisons de protection, les zones ou réserves nécessitant une conservation peuvent aussi faire l'objet de transfert de gestion contractualisé.

En sont exclues, sauf en ce qui concerne leur conservation, les aires protégées, notamment les réserves naturelles intégrales, les réserves spéciales, les parcs nationaux.

**Article 6** : La zone forestière attribuée à une communauté de base est fixée en fonction :

- De l'accessibilité de la forêt considérée ;
- De la pression s'exerçant sur les ressources forestières ;
- Des besoins de la communauté de base demanderesse ;
- De la capacité reproductive de la forêt ;
- De la motivation et de la volonté de ladite communauté de base.

Elle s'inscrit dans les limites du terroir de la communauté de base demanderesse.

**<u>And. 3</u>** : Ho fampiharana izao didim-panjakana izao, ny atao hoe :

- Fitantanana nanaovana fifanekena momba ny ala : Fomba iray famindram-pitantanana amin'ny vondrom-bahoaka fototra mba hisian'ny fitantanana eo an-toerana maharitra sy isian'ny filaminan'ny loharanon-karena momba ny ala ;
- Vondrom-bahoakaka fototra : Vondrona iray naorina, nasiam-pandaminana ary miasa araka ny fepetra voalazan'ny Didim-panjakana laharana faha-2000-27 tamin'ny 13 janoary 2000 mikasika ny Vondrom-bahoaka fototra misahana ny fitantanana eo an-toerana ny loharanon-karena voajanahary azo havaozina
- Kaominina iankinana : ny vondrom-bahoaka ao anatin'ny fari-piadidiana izay misy ny loharanon-karena avy amin'ny ala tantanina
- Fampitomboan-tsandan'ny toekarena : ny fitrandrahana mikendry lalam-barotra amin'ny loharanon-karena avy amin'ny ala tafiditra ao anatin'ny faritry ny fitantanana maharitra ny ala.

**<u>And. 4</u>** : Ny famindram-pitantanana ny ala amin'ny alalan'ny fifanekem-pitantanana dia ahita na :

- Ny fitantanana ny zo hampiasa zakain'ny isam-batan'olona na ny vondron'olona ataon'ny mpikambana ao amin'ny Vondrom-bahoaka fototra na izany hiantohana ny asa aman-draharaha ny vokatra madinidinika avy amin'ny ala na hanomezana fahafaham-po ny zavatra ilainy andavanandro araka ny voalazan'ny andininy faha-41 ao amin'ny lalàna laharana faha-97-017 atao hoe lalàna momba ny ala sy ny andininy faha-34 sy faha-35 amin'ny Didim-panjakana laharana faha-98-781 tamin'ny 16 septambra 1998 amaritana ny fepetra ankapobeny ampiharana ny lalàna itantanana ny ala ;
- Ny fampitomboan-tsanda ara-toekarena ny loharanon-karena avy amin'ny ala araka ny fepetra voalazan'ny lohateny III amin'izao didim-panjakana izao. Ny azo ao amin'ny sokajy voalohany sy sokajy faharoa, voalazan'ny tabilao natovana ny didim-pitondrana tamin'ny 17 novambra 1930, dia anaovana fepetra teknika manokana ao anatin'ny fampitomboan-tsanda azy (drafi-panajariana, fifanaraham-pitrandrahana, dina…)
- Ny fiarovana ny ala

Na izany aza, ny famindram-pitantanana ny ala dia azo atao miandalana arakaraky ny fahafahafaha-mitantan'ny vondrom-bahoaka fototra mpangataka araka ny hevitry ny kaominina iankinana sy ny Fandraharaham-panjakana momba ny ala mahefa.

**<u>And. 5</u>** : Ny Fitantanana nanaovana fifanekena momba ny ala (GCF) dia azo ampiharina amin'ny :

- Ala eo amin'ny tanim-panjakana
- ala voasokajy
- tobin'ala
- Hazo tsy voajanahary
- Faritra misy ala arahi-maso, ny faritra fampiasa arahi-maso, ny manodidina misy faritra voaaro.

Noho ny antony fiarovana, ny faritra na tahiry ilana fikajiana dia azo anaovana ihany koa famindram-pitantanana nanaovana fifanekena.
Tsy tafiditra amin'izany, raha tsy amin'izay mikasika ny fikajiana azy, ny faritra voaaro, indrindra indrindra ny tahirin-javaboary manontolo, ny tahirin-javaboary manokana, ny Valam-pirenena;

**<u>And. 6</u>** : Ny faritra misy ala omena ny Vondrom-bahoaka fototra dia ferana arakaraky :
- ny fidirana ao amin'ny ala voalaza
- ny antery miantraika amin'ny loharanon-karena avy amin'ny ala
- ny zavatra ilain'ny vondrom-bahoaka fototra nanao fangatahana
- ny fahafahafaha-mamokatry ny ala
- ny risi-po sy ny hafanam-pon'izany vondrom-bahoaka fototr' izany.

Izany dia tafiditra ao anatin'ny fara-fetran'ny velaran-tanin'ny vondrom-bahoaka fototra mpangataka

**Article 7** : Un contrat de gestion dans le cadre de la gestion contractualisée d'une forêt est conclu initialement pour une durée de trois (3) ans.

Il sera renouvelé par période de dix (10) ans sous réserve de l'application du titre IV du présent décret, notamment des articles 34 et 35.

Au terme de chaque période, il sera procédé à une évaluation de la gestion de la forêt par la dite communauté de base.

## TITRE II – DE LA PROCEDURE DE CONCLUSION DES CONTRATS DE GESTION

**Article 8** : Le contrat ayant pour objet un transfert de gestion de forêts de l'Etat est conclu entre :
- L'Administration forestière,
- La communauté de base demanderesse,

A cet effet, le représentant de l'Administration forestière est désigné par note de service de la Direction Inter-régionale des Eaux et Forêts concernée.

**Article 9** : Conformément au modèle indicatif annexe au présent décret, un contrat de gestion détermine :
- La forêt, objet du transfert de gestion ;
- L'étendue, les conditions et les termes du transfert de la gestion ;
- Les infractions et les sanctions applicables;
- Le règlement des litiges.

Les modalités d'application du présent article sont fixées par arrêté du Ministre chargé des Eaux et Forêts.

**Article 10** : La conclusion d'un contrat de gestion s'effectue selon la procédure ci-après:

- Demande adressée par des représentants de la communauté de base à la commune de rattachement ;
- Transmission de la demande au responsable de l'Administration forestière compétente après avis de la commune avec ampliation au sous-préfet concerné;
- Enquête menée par une commission locale;
- Constitution de l'association gestionnaire et mise en place de la structure de gestion ;
- Elaboration des outils de gestion ;
- Signature du contrat.

La commission ci-dessus mentionnée est composée :
- Du maire ou de son représentant,
- D'un membre du conseil de la commune,
- D'un représentant du cantonnement forestier.

## TITRE III – DES MODALITES DE GESTION

**Article 11** : Conformément aux dispositions de l'article 31 alinéa 2 du Décret n° 98-782 du 16 Septembre 1998, la gestion contractualisée d'une forêt par une communauté de base s'effectue en régie.
Toutefois, l'exploitation de la potentialité économique de la forêt dont la gestion est transférée à la communauté de base, peut être sous traitée à des professionnels-forestiers agréés, dans le respect du plan d'aménagement et des règles d'exploitation en vigueur.

**Article 12** : - Dans les deux cas cités à l'article 11 ci-dessus, l'exploitation des dites ressources doit s'effectuer conformément:
- à un plan d'aménagement simplifié fixant notamment :

**And. 7** : Nifanarahana am-boalohany ny fotoam-paharetana telo (3) taona, ny fifanekem-pitantanana ao anatin'ny fitantanana nanaovana fifanekena.

Havaozina isaky ny fe-potoana folo (10) taona izany na dia eo aza ny fampiharana ny lohateny IV amin'izao didim-panjakana izao, indrindra indrindra ny andininy faha-34 sy faha-35.

Amin'ny fiafaran'ny fe-potoana tsirairay avy, dia hisy fanombanana atao amin'ny fitantanana ny ala ataon'io vondrom-bahoaka fototra io.

## LOHATENY II - NY AMIN'NY PAIKA ARAHINA AMIN'NY FANDRAIKETANA NY FIFANEKEM-PITANTANANA

**And. 8** : Ny fifanekena ikendrena ny famindram-pitantanana ny alam-panjakana dia raiketina eo amin'ny

- Fandraharaham-panjakana momba ny ala,
- Vondrom-bahoaka fototra mpangataka

Amin'izany, ny solontenan'ny Fandraharaham-panjakana momba ny ala dia tendrena amin'ny alalan'ny teny midina ataon'ny Foibem-pitondrana iraisam-paritry ny Rano sy ala voakasika

**And. 9** : Araka ny modely toro-lalana ao amin'ny tovana amin'izao didim-panjakana izao, ny fifanekem-pitantanana dia mamaritra :

- ny ala, anton'ny famindram-pitantanana,
- ny velarana, ny fepetra ary ny famaranana ny famindram-pitantanana
- ny fandikan-dalàna sy ny famaizana ampiharina
- ny fandravonana ny fifanolanana

Feran'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Rano sy Ala ny fomba fampiharana izao andininy izao.

**And. 10** : Ny fanapahana ny fifanekem-pitantanana dia atao toy izao fomba manaraka izao :

- Fangatahana alefa any amin'ny solontenan'ny Vondrom-bahoaka fototra misy ny kaominina iankinana.
- Fampitana ny fangatahana any amin'ny tompon'andraikitry ny Fandraharaham-panjakana momba ny ala mahefa rehefa avy nakan-kevitra ny kaominina miaraka amin'ny fampahafantarana ny soprefe voakasika ;
- Fanadihadiana ataon'ny vaomiera eo an- toerana
- Fananganana ny fikambanam-pitantanana sy fametrahana rafi-pitantanana ;
- Famolavolana ny fitaovam-pitantanana
- Fanaovana sonia ny fifanekena
- Ny vaomiera voalaza etsy ambony dia ahitana :
- ny ben'ny tanàna na ny solontenany
- mambra iray amin'ny filankevitry ny kaominina
- solontena iray avy amin'ny zaran'asa amin'ny faritra misy ala.

## LOHATENY III - NY AMIN'NY FOMBAFOMBA FITANTANANA

**And. 11** : Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-31 andalana faha-2 amin'ny Didim-panjakana laharana faha-98-782 tamin'ny 16 septambra 1998, ny fitantanana nanaovana fifanekena momba ny ala ataon'ny Vondrom-bahoaka fototra dia ifarimbonana.

Na izany aza, ny fitrandrahana ny loharano ara-toekarena momba ny ala izay ny fitantanana dia nafindra amin'ny vondrom-bahoaka fototra, dia azo omena sahanin'ny olona za-draharaha amin'ny asa momba ny ala nankatoavina, ao anatin'ny fanajana ny drafi-panajariana sy ny fitsipika mifehy ny fitrandrahana manan-kery.

**And. 12** : Amin'ireo zava-nitranga roa voatanisa ao amin'ny andininy faha-11 etsy ambony ireo, ny fitrandrahana izany loharanon-karena izany dia tokony atao araka :

- ny drafi-panajariana notsorina mamaritra indrindra indrindra :

- Le volume annuel de prélèvement en fonction de la superficie maximale exploitable et du volume maximal des ressources forestières exploitables annuellement ;
- Le zonage d'unités d'aménagement ;
- Le mode de traitement.
- aux prescriptions du décret n°99-954 du 15.12.99 relatif à la mise en compatibilité des investissements avec l'environnement.

En outre, elle ne doit pas porter atteinte à la capacité productive ou reproductive de la forêt ni à la biodiversité.

## Chapitre 1 – De la gestion en régie

**Article 13** : Les modalités de gestion d'une forêt par une communauté de base sont fixées par un cahier des charges selon un modèle approuvé par arrêté du Ministre chargé des forêts.

**Article 14** : La Communauté de base gestionnaire peut procéder directement à la commercialisation des ressources forestières exploitées dans le cadre d'une valorisation économique de la forêt.

Les recettes y afférentes sont gérées au niveau de ladite communauté de base suivant les dispositions du Décret n°2000-27 du 13 Janvier 2000, notamment ses articles 20 et 21.

**Article 15** : Les produits forestiers provenant de l'exercice des droits d'usage ne peuvent pas faire l'objet de transaction commerciale.

**Article 16** : La valorisation économique des ressources forestières par la communauté de base gestionnaire donne lieu au paiement des redevances forestières prévues par l'article 46 du Décret n° 98-782 du 16 Septembre 1998 et dont les modes de calcul sont fixées par arrêté du Ministre chargé des Forêts.

Les redevances perçues sont versées au profit des fonds forestiers conformément à l'article 49 dudit décret.

**Article 17** : L'exercice des droits d'usage et la protection de la forêt par la communauté de base gestionnaire ne sont pas subordonnés au paiement de redevances.

## Chapitre 2 – De la sous-traitance

**Article 18** : Une forêt concédée à une communauté de base en vertu d'un contrat de gestion peut, un an après la mise en vigueur dudit contrat, faire l'objet d'une sous-traitance à un ou plusieurs exploitants forestiers agréés.

Leur agrément s'effectue dans les conditions prévues par les articles 3 et 4 du Décret n° 98-782 du 16 Septembre 1998.

**Article 19** : La sous-traitance évoquée à l'article 18 ci-dessus, a pour objet de céder à un ou plusieurs exploitants forestiers le droit de procéder à une valorisation économique de la forêt considérée. Elle peut porter sur la totalité ou sur une parcelle d'une forêt.

**Article 20** : Une sous-traitance est attribuée par la communauté de base gestionnaire par voie d'adjudication.

Dans la mise en œuvre de la procédure en la matière, elle est assistée par l'Administration forestière compétente.

- ny habetsahan'ny fikapana isan-taona araka ny velarana faran'izay lehibe azo trandrahana sy habetsahana ambony indrindra ny loharanon-karena avy amin'ny ala azo trandrahana isan-taona ;
- ny fizarana ho faritra ny toeram-panajariana iray
- ny fomba fikarakarana
- ny fepetra voalazan'ny didim-panjakana laharana faha-99-954 tamin'ny 15.12.99 mikasika ny fampaneranana ny fampiasam-bola hamokarana amin'ny tontolo iainana

Ankoatr'izany, dia tsy tokony hanimba ny fahafahana mamokatra na fampitomboana ny vokatry ny ala izany na ny zava-miaina samihafa

**Toko-1 - Ny amin'ny fitantanana ifarimbonana**

**And. 13** : Ny fomba fitantanana ny ala ataon'ny vondrom-bahoaka fototra faritan'ny bokin'andraikitra araka ny modely nankatoavinà tamin'ny alalan'ny didim-pitondrana nataon'ny Minisitra miandraikitra ny ala

**And. 14** : Ny vondrom-bahoaka fototra izay mpitantana dia afaka misahana mivantana ny fivarotana ny loharanon-karena avy amin'ny ala notrandrahana ao anatin'ny fampitomboan-tsanda ny toekarena momba ny ala.
Ny vola miditra amin'izany dia tantanina eo anivon'izany vondrom-bahoaka fototra izany araka ny fepetra voalazan'ny Didim-panjakana laharana faha-2000-27 tamin'ny 15 janoary 2000, indrindra indrindra amin'ireo andininy faha-20 sy faha-21 ao aminy.

**And. 15** : Ny vokatry ny ala avy amin'ny fampiasana ny zo hampiasa dia tsy azo anaovana fifampiraharaham-barotra.

**And. 16** : Ny fampitomboan-tsanda ny toekarena momba ny loharanon-karena avy amin'ny ala ataon'ny vondrom-bahoaka fototra mpitantana dia tsy maintsy anaovana fanefana ny vola fandoa momba ny ala voalaza ao amin'ny andininy faha-46 amin'ny Didim-panjakana laharana faha-98-782 tamin'ny 16 septambra 1998 ka ny fomba fikajiana dia faritan'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Ala.
Ny vola fandoa voaray dia arotsaka ho an'ny tahiry momba ny ala araka ny andininy faha-49 amin'io didim-panjakana io.

**And. 17** : Ny fampiasana ny zo hampiasana sy ny fiarovana ny ala ataon'ny vondrom-bahoaka fototra mpitantana dia tsy miankina amin'ny fanefana ny vola fandoa

**Toko 2 - Ny amin'ny fampisahanan'asa**

**And. 18** : Ny ala natolotra ny vondrom-bahoaka fototra araka ny fifanekem-pitantanana, herintaona aorian'ny mampanan-kery izao fifanekena izao, dia azo anaovana nankatoavina iray na maromaro.
Ny fankatoavan'azy ireo dia tanterahina araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-3 sy faha-4 amin'ny Didim-panjakana laharana faha-98-782 tamin'ny 16 septambra 1998

**And. 19** : Ny fampisahanan'asa voatsiahy ao amin'ny andininy faha-18 etsy ambony, dia mikendry ny hanomezana ny mpitrandraka ala iray na maromaro ny zo hanao ny fampitomboan-tsanda ara-toekarena ny ala voalaza. Izany dia mety mahasahana ny tany manontolo na ny sombin-tany misy ala.

**And. 20** : Ny fampisahanan'asa dia omena ny vondrombahoaka fototra amin'ny alalan'ny fifampisongonam-bidy.
Ao anatin'ny fanatanterahana ny paika arahina mikasika izany, dia ampian'ny Fandraharaham-panjakan momba ny ala mahefa izy.

**Article 21** : Les droits et obligations de la communauté de base gestionnaire et de l'exploitant forestier agréé sont déterminés par une convention d'exploitation établie conformément au modèle fixé par arrêté du Ministre chargé des Eaux et Forêts.

Les conditions techniques d'exploitation de la forêt concédée sont fixées par un cahier de charges établi selon un modèle approuvé par arrêté du Ministre chargé des Eaux et Forêts.

**Article 22** : La durée d'une convention d'exploitation est fixée en fonction :
- de la richesse et de la capacité reproductive de la forêt ;
- des moyens techniques dont dispose le concessionnaire ;
- de la superficie concédée.

**Article 23** : Toutefois conformément aux dispositions de l'article 20 du Décret n° 98-782 du 16 Septembre 1998, le régime du permis d'exploitation s'applique à titre transitoire.

**Article 24** : L'exploitation forestière par un sous-traitant donne lieu au paiement des redevances forestières prévues par l'article 46 du décret n° 98-782 du 16 Septembre 1998.

**Article 25** : Les taux et les modalités de recouvrement et de répartition des redevances seront fixées par arrêté du Ministère chargé des Eaux et Forêts.

### Chapitre 3 – De l'exportation

**Article 26** : L'exportation des ressources forestières s'effectue conformément aux réglementations en vigueur notamment les articles 41, 42, 43 et 48 du décret 98-782 du 16 septembre 1998.

## TITRE IV – DU SUIVI ET CONTROLE

**Article 27** : Le suivi technique et le contrôle du respect de l'application de la réglementation concernant la gestion en régie des forêts sont exercés par les agents habilités de l'Administration forestière et les Officiers de la Police Judiciaire conformément aux lois et règlements en vigueur, notamment :

- L'Ordonnance n° 60-128 du 3 Octobre 1960 fixant la procédure applicable à la répression des infractions à la législation forestière, de la chasse, de la pêche et de la protection de la nature ;
- Décret n° 61-078 du 8 Février 1961 fixant les modalités d'application de l'Ordonnance n° 60.128 ;
- Le Décret n° 98-782 du 16 Septembre 1998 relatif à l'exploitation forestière;

**Article 28** : Pour permettre aux Agents de l'Administration forestière d'exercer leurs fonctions de suivi et de contrôle :
- Les communautés de base gestionnaires ou les concessionnaires des forêts doivent d'une part tenir un cahier de chantier et un carnet de laissez-passer et d'autre part, revêtir d'un marquage les ressources forestières exploitées conformément aux dispositions des articles 38 et 39 du décret n°98-782 .
- Les transporteurs des ressources forestières doivent être munis d'un laissez-passer tel que prévu par l'article 40 dudit décret.

**Article 29** : Les agents de l'Administration forestière doivent adresser, à titre de compte rendu, ampliation de leurs procès-verbaux de saisie et de leurs rapports dans le cadre de la gestion contractualisée des forêts :
- Au Représentant de l'Etat concerné ;
- A la Direction Inter-Régionale des Eaux et Forêts concernée ;
- A la Commune de rattachement.

**And. 21** : Ny zo aman'andraikitry ny vondrom-bahoaka fototra mpitantana sy mpitrandraka ala nankatoavina dia faritan'ny fifanarahana mikasika ny fitrandrahana natao araka ny modely noferan'ny didim-pitondrana atafon'ny Minisitra miandraikitra ny Rano sy Ala.
Ny fepetra ara-teknika amin'ny fitrandrahana ny ala natolotra dia feran'ny bokin'andraikitra natao araka ny modely nankatoavin'ny Minisitra miandraikitra ny Rano sy Ala

**And. 22** : Ny faharetan'ny fifanarahana momba ny fitrandrahana dia ferana araka :
- ny harena sy ny fanafahan'ny ala hamokatra indray
- ny fitaovana ara-teknika izay ananan'ny tompon'ny ala
- ny velaran-tany natolotra.

**And. 23** : Na izany aza araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-20 ao amin'ny Didim-panjakana laharana faha-98-782 tamin'ny 16 septambra 1998, ny sata mifehy ny fanomezan-dàlana hitrandrahana dia hampiharina ka ho fepetra tetezamita ihany.

**And. 24** : Ny fitrandrahana ala ataon'ny mpisahana asa iray dia tsy maintsy anaovana fanefana ny vola fandoa momba ny ala voalazan'ny andininy faha-46 amin'ny didim-panjakana laharana faha-98-782 tamin'ny 16 septambra 1998.

**And. 25** : Ny tetiny sy ny fomba famoriana sy fitsinjarana ny vola fandoa dia ho feran'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitera miandraikitra ny Rano sy Ala.

### Toko 3 - Ny amin'ny fanondranana any ivelany

**And. 26** : Ny fanondrana any ivelany ny harena avy amin'ny ala dia tanterahina araka ny didy amam-pitsipika manan-kery indrindra indrindra ny andininy faha-41, faha-42, faha-43 ary 48 amin'ny didim-panjakana laharana faha-98-782 tamin'ny 16 septambra 1998.

## LOHATENY IV : NY AMIN'NY FIZOHIANA SY FANARAHA-MASO

**And. 27** : Ny fizohiana ara-teknika sy ny fanaraha-maso ny fanajana ny fampiharana ny didy amam-pitsipika mikasika ny fitantanana ifarimbonana ny ala dia sahanin'ny mpandraharaha havanana amin'izany ao amin'ny Fisahanan-draharaham-panjakana momba ny ala sy ny Polisy ambony mpanao fikarohana momba ny fandikan-dalàna araka ny lalàna sy ny fitsipika manan-kery, indrindra indrindra :
- ny Hitsivolana laharana faha-60-128 tamin'ny 3 oktobra 1960 amerana ny paika arahina amin'ny famaizana ny fandikan-dalàna momba ny fitantanana ny ala, ny fizahana, ny fanjonoana ary ny fiarovana ny zavaboaary ;
- ny Didim-panjakana laharana faha-61-078 tamin'ny 8 febroary 1961 amerana ny fomba fampiharana ny Hitsivolana laharana faha-60-128
- ny Didim-panjakana laharana faha-98-782 tamin'ny 16 septambra 1998 mikasika ny fitrandrahana ny ala.

**And. 28** : Mba ahafahan'ny Mpandraharahan'ny Fandraharaham-panjakana momba ny ala hanatanteraka ny asany mikasika ny fizohiana sy fanaraha-maso :
- ny Vondrom-bahoaka fototra mpitantana na ny tompon'ny ala dia tsy maintsy mitana ankilany bokin'asa iray sy boky kely fahazoan-dàlana mivezivezy ary andaniny, manisy famantarana ny harena avy amin'ny ala notrandrahana araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-38 sy faha-39 amin'ny didim-panjakana laharana faha-98-782
- Ny Mpitatitra ny loharanon-karena avy amin'ny ala dia tsy maintsy manana fahazoan-dàlana mivezivezy araka izay voalazan'ny andininy faha-40 amin'io didim-panjakana io.

**And.29** : Ny mpandraharaha ao amin'ny Fandraharaham-panjakana momba ny ala dia tsy maintsy mandefa, mba ho tatitra, fampahafantarana ny fitanan-tsoratry ny famaboana nataony sy ny tatitra ao anatin'ny fitantanana nanaovana fifanekena momba ny ala :

- Amin'ny Solontenan'ny Fanjakana voakasika ;
- amin'ny Foibem-pitondrana iraisam-paritry ny Rano sy Ala voakasika ;
- Amin'ny kaominina iankinana

**Article 30** : Dans l'exercice de leurs fonctions de contrôle sur les concessionnaires et les tiers, les Contrôleurs communaux, les présidents des comités exécutifs des communautés de base sont habilités à procéder à la saisie des produits délictueux.

**Article 31** : Dans le cas où une infraction a été commise par un concessionnaire, le Président de l'organe exécutif de la communauté de base assure les fonctions de gardien séquestre des produits délictueux saisis.

**Article 32** : Après en avoir été informé par le Président de l'organe exécutif de la communauté de base, le Chef de l'Administration forestière compétente ou l'Officier de la Police judiciaire constate sur place les faits et établit un procès verbal de saisie et de confiscation.

La mise en vente et la répartition des prix de vente des produits confisqués sont effectuées selon la réglementation en vigueur.

**Article 33** : Dans le cas où une infraction a été commise par un membre de la communauté de base gestionnaire, il est fait application du Dina.

**Article 34** : En cas de faute commise par une communauté de base dans l'exécution du contrat de gestion, le responsable de l'Administration forestière compétente tel que défini à l'article 8 ci-dessus, peut prononcer à l'encontre de la communauté de base les sanctions ci-après selon le cas :

- L'avertissement
- La suspension du contrat
- La résiliation du contrat

Les conditions d'application de ces sanctions sont précisées dans le cahier des charges annexé au contrat de gestion.

**Article 35** : La convention d'exploitation peut être résiliée sans que le concessionnaire puisse prétendre à un dédommagement en cas :

- De récidive
- De refus d'obtempérer aux injonctions émanant de la communauté de base concédente ou de l'Administration forestière après trois avertissements.

## TITRE V – DU REGLEMENT DES LITIGES

**Article 36** : En cas de litige entre les membres de la communauté de base ou avec celle-ci, il est fait application des voies de règlement prévues par le dina en vigueur. L'échec de cette procédure autorisera l'organe exécutif de la communauté de base concernée à saisir le président du conseil de la commune de rattachement dans les trente jours suivants la constatation du litige.
Le président du conseil de la commune de rattachement procédera avec diligence à la réconciliation à l'amiable des parties.

**Article 37** : En cas de troubles du fait d'un tiers et préjudiciables à la paisible exécution du contrat de gestion, la communauté de base peut avant toute action en justice, demander au président du conseil de la Commune rurale de rattachement d'user de ses pouvoirs de conciliation.

En cas d'échec d'une telle procédure de conciliation, le litige peut être soumis à la juridiction compétente par la partie la plus diligente.

**Article 38** : Toutefois, au cas où les parties y consentent, le différend peut être réglé par voie d'arbitrage dans les conditions prévues par la loi n° 96-025 du 30 Septembre 1996 sus- visée en son article 47, sauf pour les infractions pénales.

Un compromis d'arbitrage est signé par les parties en présence du Président du Conseil de la commune de rattachement ou de son représentant.

**<u>And. 30</u>** : Eo amin'ny fanatanterahana ny asany momba ny fizohiana eo amin'ny tompon'ny ala sy ny olon-kafa, ny Mpanara-maso eo amin'ny kaominina, ny filohan'ny Komity mpanatanteraka ny vondrom-bahoaka fototra dia afaka manao ny fanagiazana ny vokatra tsy ara-dalàna.

**<u>And. 31</u>** : Raha toa ny fandikan-dàlana ka nataon'ny tompon'ny ala, ny Filohan'ny rantsana mpanatanteraka ao amin'ny Vondrom-bahoaka fototra no miantsoroka ny asan'ny mpiambina ny vokatra nogiazana noho ny fandikan-dalana.

**<u>And. 32</u>** : Rahefa avy nampahafantarin'ny Filohan'ny rantsana mpanatanteraka ny vondrom-bahoaka fototra ny Filohan'ny Fandraharaham-panjakana momba ny ala mahefa na ny Polisy ambony mpanao fikarohana momba ny fandikan-dalàna dia manamarina eny an-toerana ny toe-javatra ary manao ny fitànan-tsoratry ny famaboana sy ny fanagiazana
Ny famarotana sy ny fitsinjarana ny vidy ivarotana ny vokatra nogiazana dia tanterahina araka ny didy amam-pitsipika manan-kery.

**<u>And. 33</u>** : Raha toa misy fandikan-dalana nataon'ny mpikambana iray ao amin'ny vondrom-bahoaka fototra mpitantana dia ampiharina ny Dina.

**<u>And. 34</u>** : Raha toa misy fahadisoana ataon'ny Vondrom-bahoaka fototra ao anatin'ny fanatanterahana ny fifanekem-pitantanana, ny tompon'andraikitry ny Fandraharaham-panjakana momba ny ala mahefa araka izay voafaritra ao amin'ny andininy faha-8 etsy ambony, dia afaka manambara amin'ny Vondrom-bahoaka fototra ny sazy manaraka etoana arakaraka ny toe-java-miseho :

- ny fampitandremana
- ny fampiatoana ny fifanekena
- ny fanafoanana ny fifanekena

Ny fepetra fampiharana ireo sazy ireo dia soritana ao amin'ny bokin'andraikitra atovana ny fifanekem-pitantanana

**<u>And. 35</u>** : Ny fifanaraham-pitrandrahana dia azo foanana ka tsy ahafahan'ny tompon'ny ala miandrandra fanonerana raha sendra :

- famerenan-keloka
- fandavana ny fanekena ny baiko avy amin'ny vondrom-bahoaka fototra nanolorana na ny Fandraharaham-panjakana momba ny ala aorian'ny fampitandremana fahatelo.

## <u>LOHATENY IV : NY AMIN'NY FANDRAVONANA NY FIFANOLANANA</u>

**<u>And. 36</u>** : Raha sendra fifanolanana eo amin'ny samy mpikambana ao amin'ny vondrom-bahoaka fototra na eo amin'ny vondrom-bahoaka fototra, dia ampiharina ny fomba fandravonana voalazan'ny dina manan-kery. Ny tsy fahombiazan'io paika arahina io dia hanomezan-dalana ny rantsana mpanatanteraka ao amin'ny vondrom-bahoaka fototra voakasika handroso ny raharaha ho dinihan'ny filohan'ny filankevitry ny kaominina iankinana ao anatin'ny telopolo andro manaraka ny fizahana fototra ny fifanolanana
Ny filohan'ny filankevitry ny kaominina iankinana dia hanao haingana ny fampihavanana ny andaniny sy ny ankilany.

**<u>And 37</u>** : Raha sendra fanembatsemabanana ataon'ny olon-kafa sy ny fanimbana ny fanatanteraha am-pilaminana ny fifanekem-pitantanana, ny vondrom-bahoaka fototra alohan'izay rehetra fampakaran-draharaha any amin'ny fitsarana dia afaka mangataka amin'ny filohan'ny Filankevitry ny kaominina ambanivohitra iankinana mba hampiasa ny fahefany amin'ny fampihavanana.
Raha toa ka misy ny tsy fahombiazan'izany paik'ady arahina amin'ny fampihavanana izany, afaka entin'ny andaniny izay marisika kokoa eo amin'ny antokom-pitsarana mahefa ny fifanolanana.

**<u>And. 38</u>** : Na izany aza anefa, raha toa ka manaiky ny andaniny sy ny ankilany, ny fifanolanana dia afaka alamina amin'ny alalan'ny fanelanelanana araka ny fepetra voalazan'ny lalàna laharana faha-96-025 tamin'ny 30 septambra 1996 voalaza eo ambony amin'ny andininy faha-47, afa-tsy ny ho an'ny fandikan-dalàna momba ny ady heloka.
Ny fifanekem-panelanelanana iray dia soniavin'ny andaniny sy ny ankilany eo anatrehan'ny Filohan'ny Filankevitry ny kaominina iankinana na ny solontenany.

**Article 39** : Si les troubles proviennent du fait de l'Administration, il est fait application des dispositions prises par la loi n° 96-025 du 30 septembre 1996 notamment dans ses articles 45, 46, et 47.

## TITRE VI – DISPOSITIONS DIVERSES

**Article 40** : Conformément aux dispositions des articles 22 et 23 du Décret n° 2000-27 du 13 Janvier 2000, une communauté de base peut être dissoute par :

- La démission de la majorité absolue de ses membres ;
- Une décision de l'Assemblée générale.

En cas de dissolution, il est fait application des dispositions de l'article 20 dudit décret en ce qui concerne la dévolution de ses biens.

**Article 41** : Des arrêtés fixeront les modalités d'application du présent décret.

**Article 42** : Toutes dispositions contraires au présent décret sont et demeurent abrogées.

**Article 43** : Le Vice-Premier Ministre chargé du Budget et du Développement des Provinces autonomes, le Ministre de l'Intérieur et le Ministre des Eaux et Forêts sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera publié au journal officiel de la République.

Fait Antananarivo, le 14 Fevrier 2001

Par le Premier Ministre,
Chef du Gouvernement

Tantely ANDRIANARIVO

Le Vice-Premier Ministre chargé du Budget
Et du Développement des Provinces Autonomes

Pierrot RAJAONARIVELO

Le Ministre de l'Intérieur

Jean Jacques RASOLONDRAIBE

Le Ministre des Eaux et Forêts

Rija RAJOHNSON

Pour ampliation conforme
Antananarivo, le 13 juillet 2001
Le SECRÉTAIRE GÉNÉRAL ADJOINT
DU GOUVERNEMENT

Honorée Eliane RALALAHARISON

**<u>And. 39</u>** : Raha toa ka ny fanakorontanana dia avy amin'ny fitondran-draharaham-panjakana dia atao ny fampiharana ny fepetra noraisina tao amin'ny lalàna loaharana faha-96-025 tamin'ny 30 septambra 1996 indrindra indrindra ny ao anatin'ny andininy faha-45, faha-46, ary faha-47

## <u>LOHATENY VI - FEPETRA SAMIHAFA</u>

**<u>And. 40</u>** : Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-22 sy faha-23 ao amin'ny didim-panjakana laharana faha-2000-27 tamin'ny 13 janoary 2000, ny vondrom-bahoaka fototra dia mety ho ravana amin'ny alalan'ny :

- ny fametraham-pialan'ny antsasa-manilan'ny mpikambana
- Fanapahan-kevitra eo amin'ny fivoriam-be

Raha toa ka misy fandravana, dia atao ny fampiharana ny fepetra voalazan'ny andininy faha-20 amin'ny didim-panjakana izay voalaza izay mikasika ny famindrana fananana.

**<u>And. 41</u>** : Didim-pitondrana maromaro no hametra ny fombafomba fampiharana ity didim-panjakana ity.

**<u>And. 42</u>** : Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra mifanohitra amin'ity didim-panjakana ity.

**<u>And. 43</u>** : Ny Praiminisitra Lefitra miandraikitra ny Tetibola sy ny Fampandrosoana ny Faritany mizaka tena, ny Minisitry ny Atitany ary ny Minisitry ny Rano sy ala no misehana araka izay tandrify azy avy, ny fantanterahana ity didim-panjakana ity izay havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika

Natao tao Antananarivo, ny 14 febroary 2001

Avy amin'ny Praiminisitra,
Sady Lehiben'ny Governemanta

Tantely ANDRIANARIVO

Ny Praiminisitra lefitra miandraikitra ny Tetibola
Sy ny Fampandrosoana ny Faritany mizaka tena

Pierrot RAJAONARIVELO

Ny Minisitry ny Atitany

Jean Jacques RASOLONDRAIBE

Ny Minisitry ny Rano sy Ala

Rija RAJOHNSON

ANNEXE AU DECRET Nº 2001/122 DU 14 FEVRIER 2001
Fixant les conditions de mise en œuvre de la gestion
Contractualisée des forêts de l'Etat

**MODELE INDICATIF DE CONTRAT**
**DE GESTION DES FORETS**

CONTRAT DE GESTION RELATIF A LA FORET DE
ENTRE LES SOUSSIGNES :

Le[1] ............................................ agissant pour le compte de l'Etat, dénommé, (le .................),
d'une part,
La communauté de base " ......................................... " (dénomination et siège),
Commune de ............................................ Fivondronampokontany de ...............
représentée par son Président, ci-après dénommée, l'association,
d'autre part,

Il est arrêté et convenu ce qui suit :

## TITRE I - DISPOSITIONS GENERALES

**Article premier** : Objet du contrat de gestion.

En application du décret nº .................. du ........................ fixant les conditions de mise en œuvre de la gestion contractualisée des forêts de l'Etat en vue de la délégation de leur gestion aux communautés de base, le présent contrat a pour objet de déterminer les modalités du transfert de la gestion de la forêt (ou de la parcelle de la forêt) de ...............................
Commune de ........................................... Fivondronanmpokontany de ...............
.............................., au profit de l'Association.

**Article 2** : Bénéficiaires

Les habitants du ou des villages de ...................................................., membres de l'Association peuvent jouir des ressources forestières dont la gestion est transférée à l'Association.

**Article 3** : Délimitation de la forêt

Les limites de la forêt (ou parcelle de la forêt) de ....................................................
Objet du présent contrat, d'une superficie de ..................................... hectares, sont constitués :

- Au nord; par ........................................................................
- Au sud; par .........................................................................
- A l'ouest; par ......................................................................

## TITRE II - DU TRANSFERT DE GESTION

**Article 4** : Consistance du transfert.

L'Association peut dans ladite forêt (ou parcelle) procéder à :
- L'exercice des droits d'usage tels que prévus par l'article 41 de loi forestière et les articles 34 et 35 du décret nº 98.781 du 16 Septembre 1998 fixant les conditions générales d'application de loi forestières;
- La valorisation économique des ressources forestières;
- Ou à certaines de ses activités (à préciser dans le contrat).

---
[1] Désigné par la Direction Inter-Régionale des Eaux et Forêts

TOVANA AMIN'NY DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA-2001/122 TAMIN'NY 14 FEBROARY 2001
Mametra ny fepetra fanombohan'asa amin'ny fitantanana nasiam-panekena ny Alam-panjakana

**MODELY ENTI-MANONDRO NY FIFANEKENA NY FITANTANANA NY ALA**

FIFANEKEM-PITANTANANA MIKASIKA NY ALAN'NY EO AMIN'IREO MANAO SONIA ETSY AMBANY

Ny[1]……………………….miasa amin'ny anaran'ny Fanjakana, antsoina hoe, (ny ……..)
Andaniny,
Ny vondrom-bahoaka fototra "…………………….;"( anarana sy foiben-toerana)
Kaominin'i …………………….Fivondronampokontanin'i ………………… soloin'ny Filohany tena, izay lazaina anarana manaraka eto, ny fikambanana,
Ankilany,

Notapahina sy nifanarahana toy izao manaraka izao :

**<u>LOHATENY I - FEPETRA ANKAPOBE</u>**

**<u>Andininy voalohany</u>** : Anton'ny fifanekem-pitantanana

Ho fampiharana ny didim-panjakana laharana faha-………………tamin'ny ………….mametra ny fepetra fanombohan'asa amin'ny fitantanana nasiam-panekena ny alam-panjakana mba hanomezam-pahefana ny fitantanana izany ho an'ny vondrom-bahoaka fototra, izao fifanekena izao dia manana antony amin'ny famaritana ny fombafomba famindrana ny fitantanana ny alan'(na ny sombin-tany eo amin'ny alan') i………………kaominin'i …………………….Fivondronampokontanin'i ………………….) ho tombontsoan'ny Fikambanana

**<u>And. 2</u>** : Mpisitraka

Ny mponina eo amin'ny tanàna na ireo tananan'i………………, mpikambana ao amin'ny fikambanana dia afaka misitraka ny loharanon-karen'ny ala ka ny fitantanana dia afindra amin'ny fikambanana.

**<u>And. 3</u>** :Famaritana ny ala

Ny faritry ny alan'(na sombin-tany eo amin'ny alan')i………………………………
Anton'ity fifanekena ity, amin'ny velaran-tany…………………………….hekitara, dia misy :

- Any avaratra, amin'ny…………………………………………………………
- Any atsimo, amin'ny ……………………………………………………………
- Any andrefana, amin'ny …………………………………………………………

**<u>LOHATENY II - NY AMIN'NY FAMINDRAM-PITANTANANA</u>**

**<u>And. 4</u>** : Fanamarinam-pototra ny famindrana

Ny Fikambanana dia afaka manao ao anatin'ny ala (na sombin-tany) ny paik'ady arahina momba ny:

- Ny fampiasana ny zo hampiasa araka izay voalaza ao amin'ny andininy faha-41 ao amin'ny lalàna momba ny ala sy y fepetra ankapobe amin'ny fampiharana ny lalàna momba ny ala ;
- ny fampananan-danja ara-toekarena (loharanon-karen'ny ala
- Na amin'ny asa sasantsasany ataony (izay soritana mazava ao anatin'ny fifanekena)

[1] Tendren'ny Talem-paritry ny Rano sy Ala voakasika

**Article 5** : Mode de gestion

L'Association est autorisée à exploiter ladite forêt (parcelle) sous la forme d'une gestion en régie conformément au cahier des charges correspondant.

Elle peut, sur décision de l'assemblée générale, concéder la valorisation économique de ladite forêt (parcelle) à un ou plusieurs exploitants forestiers agréés au moyen d'une convention d'exploitation passée entre l'Association et les concessionnaires après accord préalable du Chef de l'Administration forestière concernée[2].

**Article 6** : Durée du transfert

La durée initiale du transfert est fixée trois (3) ans; il peut être renouvelé pour une période de dix (10) ans sur avis du Chef de l'Administration forestière de …………………[2]

## TITRE III - DES DROITS ET OBLIGATIONS DE APRTIES ET DE INTERVENANTS

### Chapitre 1 - Des droits et Obligations de l'Association

#### **Section 1 -** Droits de l'association

**Article 7** : Droits d'usage

Dans l'exercice de leurs droits d'usage, les membres de l'Association peuvent dans ladite forêt (parcelle):

- Procéder à la collecte de produits forestiers secondaires;
- Satisfaire leurs besoins domestiques.

Ses droits peuvent s'exercer individuellement ou collectivement; toutefois, il leur est interdit de vendre à titre professionnel les produits ainsi collectés.

**Article 8** : Valorisation économique des ressources forestières

Dans le cadre d'une gestion directe, l'Association est autorisée à effectuer dans la dite forêt (parcelle) à un prélèvement à but commercial des produits forestiers ou de tous autres produits conformément au cahier des charges.

Toutefois, un an après la mise en vigueur du contrat de gestion, la dite forêt (parcelle) peut être confiée à un ou plusieurs exploitants forestiers agréés dans les conditions définies aux articles 17 et suivants du décret nº ……………… du ………………. fixant les conditions de mise en œuvre de la gestion contractualisée des forêts.

**Article 9** : Gestion durable de la forêt

L'Association doit s'organiser et prendre toutes mesures en vue de la gestion durable et sécurisée de la dite forêt (parcelle).

**Article 10** : Perception et répartition des ristournes

En cas de sous-traitance de la gestion de la forêt (parcelle), le Président du comité de gestion est habilité à percevoir des ristournes et à les repartir dans les conditions fixées par l'article 27 du décret no ………………… du ……………………

---

[2] Désigné par la Direction Inter-Régionale concernée

**And. 5** : Fomba fitantanana

Ny fikambanana dia omen-dàlana hitrandraka izany ala (sombin-tany) voalaza izany amin'ny endriky ny fitantanana momba ny fiandraiketan-draharaha araka ny bokin'andraikitra mifanaraka amin'izany.

Izy dia afaka, araka ny fanapahan-kevitra eo amin'ny fivoriambe, manome ny fampananan-danja ara-toe-karena izany ala (sombin-tany) voalaza izany amin'ny mpitrandraka ala iray na maromaro nankatoavina amin'ny fomba fifanekem-piaraha-miasa fitrandrahana efa lasa eo amin'ny fikambanana sy ny tompon'ny ala taorian'ny fanekena mialoha nataon'ny Lehibem-pitondran-draharaha momba ny ala izay voakasika

**And. 6** : Faharetan'ny famindrana

Ny faharetana tany am-boalohany ny famindrana dia ferana telo (3) taona, azo havaozina ho mandritra ny folo (10) taona izany avy amin'ny fampahalalan'ny Lehibem-pitondran-draharaha momba ny alan'i …………………………………[2]

**LOHATENY III - NY ZO SY NY ADIDY AMAN'ANDRAIKITRY NY ANDANINY SY NY ANKILANY ARY NY MPIROTSAKA AN-TSEHATRA**

**Toko 1 - Ny zo sy ny adidy aman'andraikitry ny Fikambanana**

**Sokajy 1 -** Zon'ny fikambanana

**And. 7** :  Zo hampiasa

Amin'ny fampiasana ny zo hampiasa, ny mpikambana ao amin'ny fikambanana dia afaka ao anatin'ny ala (sombin-tany izay voalaza :

- manao ny fanangonana ny vokatra madinidinika avy amin'ny ala ;
- Fanomezana fahafaham-po izay ilaina ao an-tokatrano.

Ireo zony ireo dia azo ampiharina manokana na iarahana, na izany aza anefa, dia raràna ny fivarotana fanaovana anton'asa ny vokatra fizay efa voaangona.

**And. 8** : Fampananan-danja ara-toe-karena ny loharanon-karen'ny ala

Amin'ny sehatry ny fitantanana mivantana, ny fikambanana dia omen-dàlana ao anatin'izany ala (sombin-tany) voalaza izany ny fakana mba ho atao antom-pivarotana ny vokatry ny ala na ny vokatra hafa mifanaraka amin'ny bokin'andraikitra.
Na izany aza anefa, iray taona aorian'ny nampanan-kery ny fifanekem-pitantanana, izany ala (sombin-tany) voalaza izany dia azo ankinina amin'ny mpitrandraka ala iray na maromaro nankatoavina araka ny fepetra voafaritra ao amin'ny andininy faha-17 sy manaraka ny didim-panjakana laharana faha-…………………………….;tamin'ny ……………………mametra ny fepetra amin'ny fitantanana nasiam-panekena ny ala

**And. 9**: Fitantanana maharitra ny ala

Ny fikambanana dia tokony hanao ny fandaminana sy fandraisana fepetra amin'ny fitantanana maharitra sy ny fiarovana izany ala (sombin-tany) voalaza izany

**And. 10** : Famorian-ketra sy fitsinjarana sy tamberim-bidy

Amin'ny fampisahanan'asa momba ny fitantanana ny ala (sombin-tany), ny Filohan'ny Komitim-pitantanana dia manam-pahefana ara-dàlana handray ny tamberim-bidy ary htsinjara izany araka ny fepetra noferan'ny andininy faha-27 ao amin'ny didim-panjakana laharana faha-…………………………tamin'ny ……………………

[2] Tendren'ny Talem-paritry ny Rano sy Ala

**Article 11** : Contrôle

Le président du Comité de gestion ou son représentant est autorisé à contrôler:
- L'application du Dina;
- L'accès de la dite forêt (parcelle)
- Le cas échéant, l’exécution de la convention d’exploitation par l’exploitant forestier agréé.

### Section 2 – Obligation de l’Association

**Article 12** : Respect du Dina et du cahier des charges

Les membres de l’Association sont tenus de respecter le Dina et le cahier des charges sous peine du vonodina ou de sanctions prévues par le décret no ....................... du ............................. en son article 36 et le cahier des charges.

**Article 13** : Mise en application du plan d’aménagement
Dans le cadre de la gestion de la dite forêt (parcelle), l'Association doit se conformer aux prescriptions du plan d'aménagement.

**Article 14** : Paiement de redevances

La valorisation économique de la dite forêt (parcelle) par l'Association est subordonnée au paiement des redevances forestières conformément aux dispositions réglementaires en la matière.

**Article 15** : Interdictions

L'Association doit s'abstenir de délivrer :
- Des autorisations de défrichement de la forêt;
- Des permis de coupe à des personnes autres que les membres de l'Association;
- Des permis de chasse à titre commercial.

## Chapitre 2 - Droits et Obligations de l'Administration

**Article 16** : Droits de l'Administration forestière

Les responsables de l'Administration forestière peuvent effectuer un suivi et un contrôle de l'exécution du présent contrat.

En cas de non-respect du présent contrat, ils peuvent appliquer les mesures définies dans l'article 22 ci-dessous.

**Article 17** : Obligations de l'Administration forestière

Les agents de l'Administration forestière sont tenus de procéder à un encadrement technique en faveur de l'Association dans l'exécution du présent contrat, surtout en cas d'avertissement donné à l'Association.
L'Administration forestière concernée doit adresser un rapport semestriel sur l'exécution dudit contrat :
- Au Représentant de l'Etat de la commune de rattachement;
- A la Direction Inter-Régionale des Eaux et Forêts
- A la commune de rattachement.

**<u>And. 11</u>** : Fanaraha-maso

Ny Filohan'ny Komitim-pitantanana na ny solontenany dia afaka manara-maso ny :

- ny fampiharana ny Dina
- ny fidirana ao amin'izany ala (sombin-tany) voalaza izany
- raha misy izany, ny fanatanterahana ny fifanekem-piaraha-miasa amin'ny fitrandrahana amin'ny mpitrandraka ala nankatoavina.

**<u>Sokajy 2 -</u>** <u>Adidy aman'andraikitry ny Fikambanana</u>

**<u>And. 12</u>**. Fanajana ny Dina sy ny bokin'andraikitra

Ny mpikambana ao amin'ny Fikambanana dia mitana ny fanajana ny Aina sy ny bokin'andraikitra fa raha tsy izany dia iharan'ny vonodina na ny sazy araka ny didim-panjakana laharana faha-tamin'ny                                ao amin'ny andininy faha-36 ao ami'ny bokin'andraikitra.

**<u>And. 13</u>** : Fampiharana ny drafitry ny fanajariana

Eo amin'ny sehatry ny fitantanana izany ala (sombin-tany) voalaza izany, ny fikambanana dia tsy maintsy manaraka ny fepetra amin'ny drafitry ny fanajariana.

**<u>And. 14</u>** : Fandoavana ny vola fandoa

Ny fampananan-danja ara-toe-karena ny ala dia miankina amin'ny fandoavana ny vola fandoa amin'ny ala araka ny fepetra manara-pitsipika momba izany.

**<u>And. 15</u>** : Fandraràna

Ny Fikambanana dia afaka manajanona ny fanomezana :

- Ny Fahazoan-dàlana amin'ny famakian-tany vao ny ala ;
- Ny fanomezan-dàlana hanapaka ho an'ny olon-kafa ankoatran'ny mpikambana ao amin'ny fikambanana ;
- Ny fanomezan-dàlana hihaza atao varotra

**<u>Toko 2 - Zo sy Adidy aman'andraikitry ny fitondran-draharaham-panjakana</u>**

**<u>And. 16</u>** : Zon'ny Fitondran-draharaham-panjakana mitantana ny ala

Ny tompon'andraikitra fitondran-draharaham-panjakana mitantana ny ala dia afaka manao ny fizohiana sy ny fanaraha-maso ny fampiharana ity fifanekena ity.
Raha toa ka misy ny tsy fanajana ity fifanekena ity, izy dia afaka mampihatra ny fepetra voafaritra ao amin'ny andininy faha-22 etsy ambany.

**<u>And. 17</u>** : Adidy aman'andraikitry ny fitondran-draharaham-panjakana.

Ny mpandraharahan'ny fitondran-draharaham-panjakana mitantana ny ala dia tsy maintsy manao ny fanohanana ara-teknika ho an'ny Fikambanana amin'ny fampiharana ity fifanekena ity, indrindra amin'ny fampitandremana nomena ny Fikambanana.
Ny fitondran-draharaham-panjakana mitantana ny ala izay voakasika dia tsy maintsy mandefa tatitra isaky ny enim-bolana ny fampiharana ny fanekena izay voalaza :

- Any amin'ny Solontenam-panjakana any amin'ny Kaominina iankinana ;
- Any amin'ny Foibem-pitondrana iraisam-paritry ny Rano sy Ala ;
- Any amin'ny Kaominina iankinana.

## Chapitre 3 - Des droits et Obligations de la Commune de rattachement

### *Section 1* - Droits de la Commune de rattachement

**Article 18** : Suivi et contrôle de l'Association

Le Maire de la Commune de ......................................... assisté des contrôleurs Communaux, peut procéder à un suivi et un contrôle:
- De l'application du Dina;
- De l'application de la convention d'exploitation par l'exploitant forestier agrée, le cas échéant.

En cas de constatation d'infraction, il en informe le Chef de l'Administration forestière.

**Article 19** : Ristournes

La part revenant à la Commune de ..................................................... en tant que commune de rattachement, s'élève à ...........% des redevances perçus par le Président du Comité de gestion de l'Association à titre de ristournes.

### Section 3 - Obligations de la commune de rattachement

**Article 20** : Information et sensibilisation de l'association

Le Maire de la commune de ..................................... assisté de ses collaborateurs à l'obligation d'informer et de sensibiliser les membres de l'association sur:
- Les objectifs et les avantages de la gestion contractualisée des forêts;
- Leurs obligations contractuelles.

**Article 21** : Gestion des conflits
En cas de conflits dans la mise en œuvre de la gestion de contractualisée des forêts, le Président du Conseil de la dite Commune est chargé de concilier les parties en litige préalablement à la saisie éventuelle de la juridiction compétente ou au recours à l'arbitrage.

## TITRE IV - DES INFRACTIONS ET DES SANCTIONS

**Article 22** : Non-respect du contrat de gestion

En cas d'inobservation des dispositions réglementaires et contractuelles par l'Association, il est fait application des sanctions ci-après dans les conditions fixées par le décret nº ............. du .............................. et par le contrat de gestion:

- L'avertissement;
- La suspension du contrat de gestion ou de la convention d'exploitation;
- La résiliation;
- La confiscation et la vente des produits illicites.

**Article 23** : Non-respect du Dina

En cas d'inobservation du Dina par des membres de l'Association, ils sont passibles du vonodina.

## TITRE V - DISPOSITIONS DIVERSES

**Article 24** : Règlement des différends

Le règlement des différents nés dans le cadre de la mise en œuvre de la gestion contractualisée des forêts de l'Etat, s'effectue conformément aux dispositions du décret nº ................. du ......................

**Article 25** : Mise en vigueur du contrat de gestion
Le présent contrat entre en vigueur à compte de la date de sa notification à l'association.

**Toko 3 - Ny sy Adidy aman'andraikitry ny Kaominina iankinana**

**Sokajy 1 -** Zon'ny Kaominina iankinana.

**And. 18** : Fizohiana sy fanaraha-maso ny Fikambanana

Ny ben'ny Tanànan'nh Kaominin'i ---------------------------, atrehin'ny mpanara-maso ao amin'ny Kaominina, dia afaka manao ny fizohiana sy ny fanaraha-maso :

- Ny fampiharana ny Dina ;
- Ny fampiharana ny fifanekem-piaraha-miasa amin'ny fitrandrahana avy amin'ny mpitrandraka ala nankatoavina, raha misy izany.

Raha toa ka hita fototra ny fandikan-dalàna, Izy dia mampahafantatra ny Lehibem-pitondran-draharaha momba ny ala.

**And. 19** : Tamberimbidy

Ny anjara miverina amin'ny Kaominin'i amin'ny maha-Kaominina iankinana, dia tafakatra % n'ny vola fandoa voarain'ny Filohan'ny Komitim-pitantanana ny Fikambanana ka atao ho tamberimbidy.

**Sokajy 2 -** Adidy aman'andraikitry ny Kaominina iankinana

**And. 20** : Fampahalalana sy fanentanana ny fikambanana

Ny Ben'ny tanànan'ny Kaominin'i atrehin'ny mpiara-miasa izay voatery hampahalala sy hanentana ny mpikambana ao amin'ny fikambanana amin'ny :

- Ny zava-kendrena sy ny tombontsoa avy amin'ny fitantanana nasiam-panekena ny ala ;
- Ny adidy aman'andraikiny nanaovana fifanekena.

**And. 21** : Fitantanana ny fifanolanana

Raha toa ka nisy ny fifanolanana amin'ny fanombohan'asa amin'ny fitantanana nasiam-panekena ny ala, ny Filohan'ny Filan-kevitry ny Kaominina izay voalaza dia miandraikitra ny fampihavanana ny andaniny sy ny ankilany mpifanolana alohan'ny famaboana mety hisy avy amin'ny fitsarana mahefa na fangatahana fanelanelanana.

**LOHATENY IV - NY FANDIKAN-DALANA SY NY SAZY**

**And. 22** : Tsy fanajana ny fifanekem-pitantanana

Raha toa ka misy ny tsy fanarahana ny fepetra manara-pitsipika sy nasiam-panekena nataon'ny fikambanana, dia atao ny fampiharana ny sazy manaraka ireto araka ny fepetra noferan'ny didim-panjakana laharana faha- tamin'ny sy araka ny fifanekem-pitantanana :

- ny fampitandremana ;
- ny fampiatoana ny fifanekem-pitantanana na ny fifanekem-piaraha-miasa momba ny fitrandrahana ;
- ny fanafoanana ;
- ny fanagiazana sy ny varotra ny vokatra tsy ara-dalàna.

**And. 23** : Tsy fanajana ny Aina

Raha toa ka misy ny tsy fanarahana ny Aina nataon'ireo mpikambana ao amin'ny Fikambanana, izy ireo dia mety iharan'ny vonodina.

**LOHATENY V - FEPETRA SAMIHAFA**

**And. 24** : Fandravonana ny fifanolanana teraka teo amin'ny sehatry ny fanombohan'asa amin'ny fitantanana nasiam-panekena ny Alam-panjakana, dia atao araka ny fepetra ao amin'ny didim-panjakana laharana faha- tamin'ny

**And. 25** : Mampanan-kery ny fifanekem-pitantanana

Ity fifanekena ity dia manan-kery manomboka amin'ny vaninandro hampahafantarana azy amin'ny fikambanana.

**Article 26** : Révision du contrat de gestion

Le présent contrat peut faire l'objet d'avenant à l'initiative de l'Administration ou de l'Association.

**Article 27** : Résiliation du contrat par l'association

L'association peut demander la résiliation du présent contrat au cas où elle aurait décidé de cesser la gestion de la dite forêt (parcelle)

Elle doit en aviser l'Administration forestière concernée au moins six (6) mois avant la cessation des activités.

Fait à…………………………….. en deux originaux, le……………………

Lu et accepté

Le Président du comité de gestion De l'Association

Le[3]

Vu pour être annexé
au décret nº ……………………… du …………………

[3] Désigné par la Direction Inter-régionale des Eaux et Forêts

**<u>And. 26</u>** : Fanavaozana ny fifanekem-pitantanana

Ny fitondran-draharaham-panjakana na ny fikambanana dia afaka manao fanovàna amin'ity fifanekena ity.

**<u>And. 27</u>** : Fanafoanana ny fifanekena nataon'ny fikambanana

Ny Fikambanana dia afaka mangataka ny fanafoanana ity fifanekena ity raha toa ka misy ny fanapahan-keviny hampitsahatra ny fitantanana izany ala (sombin-tany) voalaza izany.

Tsy maintsy mampahafantatra ny fitondran-draharaham-panjakana mitantana ny ala izay voakasika izy farafahakeliny enim-bolana (6) alohan'ny fitsaharan'ny asa.

Natao tao atao matoan-tsoratra roa, ny

Hita ary nekena

Ny Filohan'ny Komitim-pitantanana Ny[3]

Ny Fikambanana

Hita mba hatovana amin'ny didim-panjakana laharana faha- tamin'ny

---

[3] Tendren'ny Talem-paritry ny Rano sy Ala voakasika